

Sahanasa fandalinana 1: Fisaintsainana sy fanambarana ho an'ny tena manokana

Inona no nianaranao momba ny fandraisana fanambarana eo amin'ny fiainanao? Ao amin'ny fizaràna voalohany amin'ny Helamàna 10, isika dia mianatra mombana zavatra niainan'i Nefia nandraisany fanambarana sy hery avy amin' Andriamanitra. Ny ohatr'i Nefia dia mampianatra antsika ny fomba ahafahantsika mampitombo ny fahafahantsika mandray sy mahafantatra fanambarana avy amin'ny Tompo.

Vakio ny Helamàna 10:1–3, hitadiavana ny zavatra nitarika an'i Nefia tamin'ny fandraisana fanambarana avy amin'ny Tompo.

Mariho ilay teny hoe *nisaintsaina* ao amin'ny andininy 2 sy 3. Azonao atao ny manisy marika izany teny izany ao anatin'ny soratra masinao.

Fahamarinana iray azontsika ianarana amin'ireo andininy ireo ny hoe ny fisaintsainana ny zavatra ny Tompo dia manomana antsika handray fanambarana.

- Ahoana no mety hahafahanao mamaritra ny hoe misaintsaina amin'ny olona izay tsy mahazo antoka hoe inona izany?
- Nahoana no mety ho afaka manampy antsika handray fanambarana ny fisaintsainana?

Nampianatra toy izao ny Filoha M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Zava-dehibe ny mitony sy mihaino ary manaraka ny Fanahy. Manana fialamboly betsaka loatra fotsiny isika mba hisarika ny saintsika, mihoatra noho izay nisy tamin'ny fotoana rehetra teo amin'ny tantara.

Mila fotoana hisaintsainana sy handinihana lalina avokoa ny tsirairay. Na ilay Mpamonjy izao tontolo izao aza, nandritra ny asa fanompoany tetỳ an-tany, dia nahita fotoana nanaovana izany. (M. Russell Ballard, “Mitonia, ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra”

[Fampaherezam-panahin'ny Departemantan'ny Fampianaran'ny Fiangonana ho an'ny tanora token-tena sy mpivady vao herotrerony, 4 mey, 2014], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

- Inona avy no sasantsasany amin'ireo fanelingelenana izay mety hahasarotra ny fisaintsainana ireo zavatra ara-panahy?
- Inona avy no sasantsasany amin'ireo “zavatra ny Tompo” mety hakanao fotoana hosaintsainina?
- Inona avy no zavatra niainanao na fantatrao izay nahitana fisaintsainana nitarika nankany amin'ny fandraisana fanambarana?

Mieritrereta tanjona iray azonao apetraka mba hampiharana io fahamarinana io amin'ny fiainanao. Hevero ny hira-kitra an-tsoratra ny tanjona ao anatin'ny diary fandalinanao.